# *Fanamboarana lava-piringa Sanplat*

FIDES

inter aide

# Aloha'ny fanelanelanan'ny FIDES

I. Efa nanao fangatahana

II. Manana hazo (tsara raha afajoro) mba ahafahana mametraka ny « dalle »

III. Manana ny fitaovana ilaina amin'ny fanorenana ny trano

IV. Manana 2 000 Ariary (= 10 000 fmg) mba ividianana ny « dalle Sanplat »

V. Efa nanao lavaka (jereo ny sary)

    I. 60 cm X 120 cm

    II. 3 m ny halalina (fanafahakeliny)




inter aide





**SANPLAT ?**

- ny dalle iray


  (60 x 60 cm)

  (lanja : +/-35 kg)

- tsivalan-kazo roa mafy (halavana = 1m20)

- ny sarany






**Dingana 1:** fametrahana ireo tsivalan-kazo

- **Halaina ny refy mba ametrahana ireo tsivalan-kazo roa (60 cm ivelan'ny tsivalan-kazo roa)**
- **Mihady folo cm amin'ny ilany roa mba ametrahana ireo tsivalan-kazo (ny faritra ambonin'ireo tsivalan-kazo ka mifanandrify amin'ny tany)**
- **Atao mitovy hoavo ireo tsivalan-kazo roa.**

inter aide

# Dingana 2 : fametrahana ny dalle

- Dinihina tsara ny fitodiky ny dalle eo amin'ny tsivalan-kazo roa (avy aiza ny fidirana amin'ny kabone ?)
- Apetraka ny dalle, eo ambonin'ny tsivalan-kazo roa.
- Tsy misalasela mametraka kaly hazo amin'ny sisiny mba ialana amin'ny fihetsehan'ny dalle



Fidirana

- Apetraka amin'ny hitsiny ireo tsivalan-kazo, hazo (efajoro na boribory) mba hanapenana ny lavaka.
- Apetrakany hazo (efajoro raha mety) eo anelanelan'ny tsivalan-kazo roa mba hiaro ny sisin'ny dalle.

inter aide





## Dingana 3 : fanotorana ny lavaka

- Asiana soson'-tany (be tanimanga) eo amin'ny hazo (sosona cm kelykely) mba ialana amin'ny fofona ratsy. Afatratra tsara. (arykoa asiana gony na tsihy alohan'ny ametrahana ny tany, mba tsy hahatototra ny lavaka)
- Eo amin'io soson'-tany io, azo ampiana vato kely mba hampadio ny toerana ary hahamora ny fanadiovana

inter aide







## Dingana 4 : Fanorenana ny trano.

Zavatra vitsivitsy mety hanampy anao amin'ny fikolokoloana ny kabone :

- Manorina trano ahafahana mistangana ao anatiny
- Asiana loaka eo akaikin'nt tafo. Mba ahazoana hazavana.
- (Mety rohiziana tady ny sarony ary afatotra amin'ny rindrina mba hiarovana ny sarony tsy ho trotraka ao anaty lavaka)

inter aide

inter aide

# Dingana 5 : Fomba fanasana tanana

Ity dingana ity dia ao anatin'ny fanorenana ny kabone. Misy fomba maro azo atao. Ny tompony no mifidy ny fomba mety aminy.

Ireto misy ohatra amin'ny fomba:

- Tavoahangy voaongana
- Kapoaka sy tady
- Seau sy zinga
- … misy fomba hafa azo eritreretina, foronin'ny tompony na ireo mpampiasa.









# Fampiasana ny Sanplat-nao.

Ny lavaka ny Sanplat ho an'ny tokatrano misy olona dimy dia feno naharitra dimy taona ny nampiasana azy)

Tsy andrasana hihoatra ny lavaka…

Tsy hisalasalana ny manala ny dalle-nao rehefa eo amin'ny 30 cm tsy ahafeno ny lavaka. Mbola azo ampiasana ny dalle-nao + sarony Sanplat rehefa manao lavaka hafa sy fanorenanana vaovao toy ny voialaza tao amin'ity boky ity.